

FITANTANANA MAHARITRA NY FAHALONAHAN'NY TANY HO AN'NY VOLY KATSAKA SY SOAZAHA

Fikajiana ny tsiron'ny tany

Ny katsaka sy ny soazaha dia mila tany lonaka tsara mba hamokatra.

Amin'ny ankapobeny, ny tany lonaka dia :



- miloko mainty, be raha organika sy tsiron-jezika (N,P,K) ;
- tsara firafitra, ka mamaka haingana sy lalina ny voly atao eo aminy ;
- ahitana tsara ny fihodinan'ireo asa biolojika mameleona ny tany toy ny asan'ny bibikely, ny tsingerin'ny ravina sy ny rano.



Ny fihenan'ny fahalonahan'ny tany dia mety avy amin'ny :

- fivoahan'ny singa mankany amin'ny vokatra sy ny sisam-bokatra (faka,taho, ravina...) ;
- fikaohan'ny riaka ny nofon-tany ;
- fitsihan'ireo tsiron-jezika any ambanin'ny tany na ny fihahany eny amin'ny rivotra (indrindra ny azota)



Matetika ny mpamboly tsy dia mampiasa zezika loatra intsony amin'ny tany lonaka. Mety hampahalefy tanteraka ny tsiron'ny tany anefa izany. Eny amin'ny tany kotra kosa, ny tsy fampiasana zezika dia mampirongatra ny ahi-dratsy sy ny ahitra Arema na angamamy (Striga).

Fischon'ny tsy fahampian'ny faosifaoro (P) amin'ny katsaka sy ny azota (N) amin'ny soazaha



Ahi-dratsy sy angamay na ahitra arema (Striga)



Nahoana ary maninona no kajiana ny tsiron'ny tany ?

Teknika

Fisafidianana ny zezika (zezi-pahitra sy zezi bazaha) – fatrany sy ny fomba fampiasana azy

Fiasàna voalanjalanja ny tany – fampiasana masomboly sy karazam-boly tsara - fanarahana ny fotoam-pamafazana sy elanelana sahaza ho an'ny voly- fifehezana ny ahi-dratsy sy ireo mpanimba ny voly

Fifandimbiasam-boly – fampivadiam-boly - legiominezy – fitazomana ireo sisam-bokatra eo amin'ny tany (faka, taho, ravina...)

Tanjona

Fanatsarana ny vokatra amin'ny alalan'ny fitondrana zezika

Fanatsarana ny vokatra amin'ny alalan'ny fomba fitantanana ny fomba fambolena

Fampitomboana ny taham pamokaran'ny tany

Fitomboan'ny taham-pamokarana sy ny vokatra azo.

Fitazomana ny tsiron'ny tany, fitantanana sy fampiasana araka ny tokony ho izy ny tany azo ambolena

Vokatra andrasana



Fitomboan'ny fidiram-bola



Fahavitan-tena ara-tsakafo



Faharetan'ny seha pamokarana


Ny tsara indrindra ho an'ny voly katsaka dia ny fampifangaroana amin'ny zezik'omby ny zezi-kisoa sy ny zezik'akoho amam-borona.



Fomba fandonahana tany mahomby (fampiasana zezi-pahitra) :

Misy karazany efatra ny zezi-pahitra fampiasan'ny mpamboly :

- **zezik'omby tsotra** (tsy misarona), izay fampiasa matetika. Kely azota (N) sy faosifaoro (P) fa betsaka potasioma (K). Tsara hanarenana ny tany asidra.
- **zezik'omby nohatsaina** (voaaro amin'ny tanin'andro sy ny rivotra ary ny orana), izay aparitaka eny anivon'ny mpamokatra ;
Betsaka azota (N) kokoa noho ny zezik'omby tsotra izy io.
- **zezik'omby kisoa**, betsaka azota (N) sy faosifaoro (P) kokoa, saingy asidra kokoa raha oharina amin'ny zezik'omby (raha ny pH no jerena).
- **zezik'akoho amam-borona**, tsara indrindra, fa masiaka asidra.



Fomba fandonahan tany mahomby (amin'ny fampiarahana zezi-pahitra sy zezi-bazaha) :

Ny zezi-bazaha dia manampy amin'ny fanatsarana ny taham-bokatra azo, indrindra rehefa afangaro amin'ny zezi-pahitra.

- Ny zezi-bazaha dia mety ho : - tsotra na tokan-tsiro (toy ny Urée) ;
- mifangaro (toy ny DAP) ;
- be fangaro (toy ny NPK 11 22 16).





Ny tanjona kinendry amin'ny taham-bokatra andrasana no mamaritra ny safidy atao mahakasika ny masomboly sy ny zezi-pahitra ary ny zezi-bazaha ampiasaina.

Vokatra tiana ho azo	Vokatra 1 t/ha	Vokatra 2 t/ha	Vokatra 3 t/ha	Vokatra 5 t/ha
Masomboly sy karazany (habetsaky ny fototra)	Karazana zana-tany avy @ fifantenana faobe na any an-tsena (40 000 fototra/ha)	Composite IRAT200 na CIRAD 412 ana masomboly voamaina (50 000 fototra/ha)	Safiotra PANNAR 12 (60 000 fototra/ha)	
Zezi-pahitra (t/ha)	2	5	5	5
NPK (kg/ha)	0	80	150	300
Urée (kg/ha)	0	0	100	200



Fomba fanao mahomby mahakasika ny fifantanana ny voly

- Fomba fiasana ny tany araka ny hamafiny :
 - Raha tany mafy dia asa lalina no tokony hatao
 - Raha tany malemy dia ferana araka izay azo atao ny fanetsehana ny tany (voly rakota)
- Fampiasana karazana masomboly tsara mba hanomezan-danja ny zezika ampiasaina.
- Diarim-pamafazana aloha, eo anelanelan'ny tapaky ny novambra sy ny tapaky ny desambra.
- Fifehezana tsara ny hakitroky ny voly (isan'ny foto-boly ao anaty hekitara), araka ny toe-javamisy. Ho an'ny katsaka, dia atao ambony kokoa ny hakitroky ny voly raha efa kotra ny tany (jereo ny Fisy momba ny voly mifangaro hakana ohatra momba ny hakitroka).
- Fanaovana voly tora-tady araka izay azo atao mba hahamora ny fikarakarana ny voly sy ny fitiliana ireo foiben'ny biby fahavalon'ny voly.
- Fikojakojana araka ny tokony ho izy ny voly : fanaovana aloha ny fiavana mba hahafahan'ny voly mitrandraka tsara ireo tsiron-tsakafo ao anaty tany.



Fanatsarana : ny famafazana amin'ny voly rakota amin'ny tany tsy mifatratra dia manatsara ny tsiron'ny tany na ny amin'ireo bibikely sy fangaro biologika hafa na ny firafitry ny tany na ny fangaro simikan'ny tany

Fomba fisa mahomby hanatsarana ny taham-pamokaran'ny tany

- Fifandimbiasam-boly : ovaina isan-taona ny voly mba hisorohana ny fitomboan' ireo fahavaloo mpanimba voly indrindra amin'ny voly fototra eo an-tanimboly.
- Fampiasana ireo sisam-bokatra : avela eo an-tanimboly ny sisam-bokatra (faka, taho, ravina) mba hanampy ireo akora organika entin'ny zezi-pahitra.
- Fampivadiam-boly : afaka afangaro amin'ny voly rehetra ny katsaka (soazaha, mangahazo ary ireo voly legiominezy rehetra).
- Fambolena legiominezy izay mitondra azota (N) avy amin'ny rivotra ho an'ny tany amin'ny alalan'ny bakteria. Mampihena ny filàna zezi-bazaha misy azota izany.



Ny vary antanety dia tsy tsara atao voly mialohan'ny katsaka



Katsaka Tahom-boly avela eo amin'ny tany	Soazaha Tahom-boly avela eo amin'ny tany na atao lafik'omby	Voanjeo Tahom-boly avela eo amin'ny tany	Voanjobory Tahom-boly avela eo amin'ny tany	Vary an-tanety Tahom-boly avela eo amin'ny tany na atao lafik'omby	Stylosanthes Tahom-boly avela eo amin'ny tany na atao lafik'omby	Crotalaire Mora no mamokarana masomboly	Mucuna Mifehy ny ahi-dratsy	Cajanus (Amberivatry) Mifehy ny ahi-dratsy	Voanemba Otzana ny voany

Ny legiominezy no mitondra azota (N) be indrindra amin'ny tany :

- 21 - 28 kg/ha ho an'ireo karazany legiominezy fakàna voa (soazaha, voanjeo, voanjobory) ;
 - 63 - 135 kg/ha ho an'ireo karazany hakàna rakota (stylosanthes, crotalaire, mucuna, amberivatry sy voanemba);
- Ny Azota (N) entin'ny tahon-katsaka dia 13 kg/ha fotsiny, ary 24 kg/ha kosa ny an'ny vary an-tanety.

Mpanoratra :

Patrice AUTFRAY, Manampahaizana momba ny fambolena, Cirad, UPR AIDA ;
Tahina RAHARISON, Manampahaizana momba ny Agroekoloja

Nanome ny sary : P. AUTFRAY, T. RAHARISON

Jolay 2020



Tetikasa Fampiroboroboana ny asa Fambolena sy Fiarovana ny fizakan-tany
Famatsimbola iraisan'ny Governemanta Malagasy sy ny Banky Iraism-pirenena

